Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

# Ny Niandohan'ny fahorian'ny olombelona

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Byron Unger; Lazarus

Nampifanarahin'i: M. Maillot; Tammy S.

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay"
na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta
Amborovy Mahajanga Madagascar

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2013 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity
nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

ANDRIAMANITRA
NO NAMORONA NY
ZAVATRA REHETRA!

Namorona ny
lehilahy voalohany
ANDRIAMANITRA,
Adama no
niantsoany azy.

I Adama dia niara-niaina tamin'ny vadiny antsoina hoe Eva tao amin'ny saha Edena.

Sambatra ery izy
ireo niaina tao, nankato
sy nankasitraka ny
fiarahana tamin'
ANDRIAMANITRA.
Saingy indray
andro ...

Nisy
menarana
iray nanatona
nila resaka
tamin'i Eva ka
nanontany
azy hoe:

"Hay ve ka
noraran'ANDRIAMANITRA
tsy hihinana ny
voankazo rehetra
ato amin'ny saha
ianareo e?"

"Afaka
mihinana
ny voankazo
rehetra ato izahay,
afa-tsy iroa hazo
fihinamboa iroa
ihany!" hoy Eva.

"Raha mihinana na mikasika io hazo io izahay dia ho faty". "Mandainga ANDRIAMANITRA, tsy ho faty izany ianareo" hoy ny menarana
nihomehy.

"Tsy tiany hitovy Aminy fotsiny ianareo."
Efa ela i Eva no nitsiriritra mafy sy te-hihinana ny voan' io hazo fihinamboa io.

Tsy naharitra
ny fakam-panahy
izy noho izany ka nino izay
nolazain'ny menarana. Dia
naka sy nihinana
ny voan'ilay hazo.

Ny tena loza dia tsy izy irery ihany no nihinana ilay voankazo fa nomeny koa i Adama, ary dia nihinana niaraka taminy.

Eny fa na dia tokony hiteny aza i Adama hoe, "Tsia, tsy handika ny tenin'ANDRIAMANITRA aho."

Rehefa avy
nandika ny lalàn'Andrimanitra
i Adama sy Eva dia nahatsiaro
tena ho niboridana ka menatra.

Naka ravinkazo
izy ireo noho izany mba hataony
fitafiana, ary dia nandeha niafina
an'ANDRIAMANITRA izy ireo.

Rehefa harivariva iny ny andro,
dia nitsangatsangana tao anaty
saha ANDRIAMANITRA.
Efa fantany ny fahotana
nataon'i Adama sy Eva.
Rehefa nanontaniana
izy roa dia
nifanilika.

Adama nanome tsiny an'i
Eva ary Eva nanome tsiny
ny menarana. Voasazy
izy ireo noho izany.

Ka hoy ANDRIAMANITRA:
"Voaozona amin'ny biby rehetra ianao ry menarana. Ary ianao ry Eva, dia hijaly tokoa indrindra rehefa miteraka."

"Adama! satria efa nanota tamiko ianao, dia ho voaozona miaraka aminao ny tany ka haniry tsilo sy hery ho anao izy. Ary ny hatsembohan'ny tavanao no hihinananao."

Ary ANDRIAMANITRA
nandroaka an'i Adama
sy Eva hiala
ny saha
Edena.

Satria nanota sy tsy
nankato izy ireo ka dia
tafasaraka tamin'
ANDRIAMANITRA!

Dia namboatra sabatra
milelafo Andiamanitra
mba hiambina
an'i
Adama ...

... sy Eva any
ivelan'ny
saha
Edena.


Namboatra fitafiana
vita tamin'ny
hodi-biby ho
azy roa ihany koa
ANDRIAMANITRA.

Niteraka i Adama sy
Eva taty aoriana.

Ny zanany lahy voalohany izay
nantsoina hoe Kaina, dia mpiasa tany.
Ny faharoa kosa, i Abela,
dia mpiandry
ondry.

Indray andro, nanao fanatitra ho an'ANDRIAMANITRA izy roalahy.

Raha nanolotra vokatry ny taniny maromaro i Kaina, i Abela kosa nanolotra zanak'ondry, izay tsara sy matavy indrindra tao am-balany.

Nahafaly an'ANDRIAMANITRA ny fanatitra nataon'i Abela.

Tsy nankasitrahan'ANDRIAMANITRA ny fanomezana natolotr'i Kaina. Tezitra mafy i Kaina noho izany.

Ka hoy ANDRIAMANITRA taminy: "Raha nanao ny tsara ianao, dia tsy ho nekeko va ?"

Tsy nety nitony ny fahatezeran'i Kaina.

Fotoana vitsy taty aoriana, rehefa tafaraka tany an-tsaha izy roalahy dia novonoiny i Abela,
ka maty.



Ary ANDRIAMANITRA niantso an'i Kaina, ka nanontany azy: "Aiza moa Abela rahalahinao?"

"Tsy hitako izy" hoy i Kaina nandainga. "Izaho angaha mpiambina azy."

Tezitra ANDRIAMANITRA ka nosaziany i Kaina. Tsy navelany hiasa sy hamboly teo amin'ny tany intsony i Kaina ka lasa mpirenireny.

Dia nandao an'ANDRIAMANITRA i Kaina. Taty aoriana dia nanambady ny zanakavavin'i Adama sy Eva izy.

Ary vetivety monja feno ny zafikely sy ny zafiafin'i Kaina ny tanàna izay naoriny.

Nandritra izany fotoana izany dia nitombo be ihany koa ny taranak'i Adama sy Eva.

Tamin'izany andro izany dia tena ela velona tokoa ny olona fa tsy toy ny amin'izao vanin'andro misy antsika izao.

Rehefa niteraka ny zanany lahy antsoina hoe Seta i Eva dia hoy izy:

"ANDRIAMANITRA dia nanolotra ahy an'i Seta ho solon'i Abela."

I Seta dia lehilahy
tena nino sy nankato
an'ANDRIAMANITRA.

Niaina 912 taona izy ary nanana taranaka maro.


Niharatsy fanahy hatrany
hatrany ny olombelona
tety ambonin'ny
tany.

Nony farany dia nanapa-kevitra
ANDRIAMANITRA fa
handringana
azy sy ...

... ny biby ary koa
ny voromanidina
rehetra.

Nanenina
ANDRIAMANITRA
raha namorona
ny olona.

Saingy nisy lehilahy
iray nankasitrahan'
ANDRIAMANITRA ...

Noa no anaran'izany lehilahy izany. Taranak'i Seta izy io.

Izy dia lehilahy marina sy tsy nanan-tsiny teo anatrehan' ANDRIAMANITRA.

Nankato hatrany an'ANDRIAMANITRA izy.

Nampianariny ny zanany
telolahy izany fankatoavana
an'ANDRIAMANITRA
izany.

Ankehitriny àry
ANDRIAMANITRA dia
nanomana iraka
manokana ho
an'i Noa.

Ny Niandohan'ny fahorian'ny olombelona

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra,
ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Genesisy 3 – 6

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava." Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala
amin'ny fahotanao ianao, dia izao
no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy
Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy
Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako,
ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-
baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny
Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona
ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha
amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16